

SABATAN'NY MPITANDRINA – 10 OKTOBRA 2015

ILAY ROIMEMY NIREHITRA

Vakiteny fototra : Eks. 3:1-10

Samy mahafantatra ny tantaran'i Mosesy novonjen'i zanakavavin'i Farao tamin'ny rano avokoa ny ankizy madinika rehetra. Ireo zokinjokiny koa dia mahalala fa io Mosesy kely io dia notaizana tao amin'ny lapan'i Farao ary notendrena ho tonga Farao koa aza indray andro any, mandrapahatongan'ny andro izay namonoany lehilahy egyptiana iray izay nampahory olona hebreo iray.

Noho io vono olona io, dia tsy maintsy nandositra niala ny Egipta i Mosesy satria nitady ny hampamono azy i Farao.

Tonga tany amin'ny tany Midiana i Mosesy, lavitry ny voninahitry ny fiandrianan'ny Egipta. Noraisin'i Jetro izy ary natolony azy ho vady i Zipora, iray amin'ireo zanany vavy.

Niaina tamim-pahasambarana niaraka tamin'i vadiny aman-janany i Mosesy ; teo ampiandrasan'ondrin'ny rafozan-dahiny izy raha indro tranga hafahafa iray niseho, araka ny vakiteny teo aloha : ilay roimemy nirehitra nefa tsy levona.

Toa zary zatra mahita trangan-javatra hafahafa isika, hany ka lasa tantara fehy tantara fotsiny ihany rehefa mamaky izany sy ny maro hafa isika, ary tsy mba mametra-panontaniana akory. Ny Baiboly anefa dia tsy bokin-tantara, ary tsy natao hamelabelatra amintsika fotsiny ireo toe-java-nitranga arivo taona maro lasa tany aloha izy, fa amin'ny alalan'ireo zava-misy raketiny sy asehony kosa, dia ho azontsika atao ny mandre sy mahafantatra izay ambaran'Andriamanitra amintsika ankehitriny.

Mateti-pitranga ny fisian'ny bozaka mirehitra afo any an'efitra, vokatry ny masoandro migaina ; ny roimemy dia zava-maniry mora mirehitra ary rehefa levona ny tapatapa-kazo madinika dia maty miaraka amin'izay koa ny afo ; kanefa ity resahintsika eto ity dia toa manana toetra hafa kely, noho izy tsy nety levona ary azo antoka fa nanitikitika mafy ny sain'i Mosesy tokoa izany toe-javatra hafa amin'ny mahazatra izany.

Taitra ny faniriana te hahafanta-javatra ka nitodika izy hizaha, no sady nanontany tena ny amin'io tranga hafahafaha io; ary ahoana ny amintsika ! Moa mba manontany tena koa ve isika? Mba manaitra ny saintsika ve io tranga io? Misy zavatra tiany ampitaina amintsika ve ?

SABATAN'NY MPITANDRINA – 10 OKTOBRA 2015

Raha toa ka toy ny tantara efa fahenontsika mahazatra no fandraisantsika ireo tantara voarakitra ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, ka toa tsy misy lesona hianarana intsony amin'izany, dia ho lazaina fa hananosarotra antsika ny hihaino ny feon'Andriamanitra.

Maniry aho, eo ambany fanampian'ny Fanahy Masina, ny hanampy antsika handefa topi-maso vaovao amin'io tantara fahiny io ary koa mba handre izay irin'ny Tompo hampianarina antsika ankehitriny.

Ny tantara dia miantomboka amin'ny filazana fa ny Anjelin'i Jehovah dia niseho tamin'i Mosesy teo anaty lelafo. Ny Tompo mihitsy araka izany no niseho tamin'i Mosesy.

Tsara marihina fa tsy tamin'io irery no niantsoana ny Tompo ho Anjelin'i Jehovah, na koa hoe tamin'io irery no ahitantsika Azy amin'ny alalan'ny afo.

Raha nantsoina hanafaka ny Israely i Gideona, dia hitantsika ao amin'ny Mpits. 6:21 fa tamin'ny fotoana nanaterany fanatitra, dia indro ny Anjelin'i Jehovah nampandroso ny lohan'ny tehina izay teny an-tànany, ka natendriny ny hena sy ny mofo tsy misy masirasira izany ary dia nisy afo nivoaka avy tamin'ny vatolampy ka nandevona ny hena sy ny mofo.

Ao amin'ny toko 13, Ilay Anjelin'i Jehovah dia tonga namangy an'i Manoa izay nanontany Azy hoe « Iza moa no anaranao ? » Dia namaly ilay Anjely ka nanao hoe « Anarana mahagaga izany. » Ary raha nanatitra fanatitra ho dorana ho an'i Jehovah i Manoa dia nisy zava-mahagaga niseho.

Vakintsika ao amin'ny and.20 fa niakatra teo anatin'ny lelafo avy teo amin'ny alitara ilay Anjelin'i Jehovah. Noho izany dia nilaza tamin'ny vadiny Manoa, ao amin'ny and. 22, manao hoe « ho faty tokoa isika, satria efa nahita an'Andriamanitra. »

Tsara marihina fa ny afo no Anjelin'i Jehovah, na koa ny lelafo, fa Jehovah mihitsy no niseho teo anaty afo na teo anaty lelafo. Tsy hafa amin'izany koa no nitranga tamin'i Moseesy, satria hoy ny Eks. 3:2 manao hoe « ary Ilay Anjelin'i Jehovah niseho taminy teo anaty lelafo teo amin'ny roimemy. »

Inona marina anefa no fonosin'ity roimemy ity ? Maro ny fanazavana azo aroso, miainga avy amin'ny tenin'Andriamanitra, saingy amin'ity andro manokana ho an'ny mpitandrina ity, dia iray amin'izany no notsongaiko izay hantenaiko fa hampahery azy ary koa azony entina ho an'ny mambra tsirairay mba hahazoan'ny isam-batan'olona mandray fampaherezana eo amin'ny fiainany manokana.

SABATAN'NY MPITANDRINA – 10 OKTOBRA 2015

Koa amin'izany, manasa antsika aho hihevitra an'io roimemy io ho isika. Io roimemy io ry rahalahy sy anabavy, dia izaho sy ianao ! Ny ankohonanao sy ny ankohonako ! Ny fiangonana izay hivoriantsika isan-tSabata.

Ny lelafo teo anatin'ny roimemy, dia ireo zava-tsarotra maro izay eo anoloantsika, rehefa azom-pahoriana noho ny aretina isika, rehefa tojo tsy fananana, rehefa mizaka ny tsy fahatokian'ireo tiana, rehefa donam-pahoriana noho ny fahafetsana, na koa rehefa ao anaty faheverezan-kevitra...

Ny lelafo ao anaty roimemy, dia ireo ady sarotra atrehin'ny fiangonana noho ny fitiavana mihamangatsika, ny tsy fahampian'ny finoana, ny tsy fahampian'ny fahatokiana, ny tsy fisian'ny fifandraisana ara-pirahalahiana, tsy fahampian'ny fitiavam-bavaka, sns.

Io karazana lelafo io dia tsy Jehovah ary tsy avy amin'i Jehovah. Hoy ny apôstoly Petera ao amin'ny epistily voalohany nosoratany :

1Pet. 4:12 « Ry malala, aza gaga noho ny fizahan-toetra mahamay izay mahazo anareo ho fitsapan-toetra. »

Hoharina amin'ny roimemy mirehitra afo, teo anoloan'i Mosesy ireo rehetra azom-pahoriana. Io lelafo teo anatin'ny roimemy izay maneho antsika io dia asan'ilay fahavalon'ny fanahintsika izay mikatsaka ny hampiketrika antsika, handevona antsika, handringana antsika, hanafoana antsika amin'ny fameperana amin'ny endriny samy hafa, toy ny loza, fitsapana, fahoriana, halahelo ... Koa tsy azo antoka ny nahatongavantsika eto amin'izao maraina izao, raha toa ka tsy teo anivon'ny afo nirehitra teo amintsika, tao an-tokantranantsika, teo amin'ny fiangonantsika Ilay Anjelin'i Jehovah.

Rehefa mitoetra eo amintsika ny Tompo, ao an-tokantranantsika ao am-piangonanantsika, dia tsy misy tokony hatahorantsika ireo lelafo alefan'ny fahavalo satria tsy hamela antsika velively ho levon'izany lelafo izany Izy.

Fahazoana antoka toy izany no nananan'ireo naman'i Daniel telo lahy. Raha norahonan'ny mpanjaka hatsipy tao anaty lafaoro nisy afo nirehitra izy ireo raha tahiny ka tsy miankohoka amin'ilay sary vongana nantsagany, dia toy izao no navalin'ireto zavoto telo lahy :

« Indro, Andriamanitra Izay tompoinany dia mahavonjy anay amin'ny lafaoro misy afo mirehitra sady hamonjy anay amin'ny tãnanao, ry mpanjaka ô. Ary na dia tsy izany aza, aoka ho fantatrao, ry mpanjaka ô fa ny andriamanitrao dia tsy hotompoinay, ary ny sariolona volamena efa natsangananao dia tsy hivavahanay. »

SABATAN'NY MPITANDRINA – 10 OKTOBRA 2015

Nafatotra avokoa izy telo lahy ka natsipy tao anaty lafaoro mahamay nisy afo nirehitra izay tandindon'ny fikasan'ny fahavalo handringanana azy ireo ; raiki-tahotra anefa ny mpanjaka tsy tapitapitr'izay. Azon-tahotra izy, satria tsy lehilahy anankitelo no hitany fa efatra izay mandehandeha ao anatin'ny afo ary tsy maninona tsy maninona akory ; toa zanak'ireo andriamanitra no fijery ilay fahefatra hoy izy. Teo afovoan'ny afo nirehitra Ilay Anjelin'i Jehovah.

Raha iny nanatona mba hizaha ny fahitana mahagaga i Mosesy, dia indro nisy feo niantso avy teo amin'ny roimemy : ry Mosesy ! ry Mosesy ! Andriamanitra no niantso azy tamin'ny anarany.

Fantatry ny Tompo isika ; fantany amin'ny anarany avy isika tsirairay ; azo antoka fa efa niantso antsika Izy rehefa nanoloana lelafo nirehitra isika : safidy ny amin'ny fianarana atao, safidy arak'asa, safidy izay ho vady sahaza, safidim-piainana tsotra ; mba nandre Azy ve isika ?

Misaotra ny Tompo aho, amin'izao Sabata natokana ho an'ny mpitandrina izao, noho ireo rehetra nantsoiny ho amin'ny asa fanompoany. Misaotra ny Tompo aho noho ireo rehetra izay nandre ny feony ka namaly izany.

Ny roimemy nirehitra dia hafatra avy amin'Andriamanitra mba hilaza amin'izy ireo toy izay nataony tamin'i Mosesy fa tsy ho mora akory ny asa nampandraiketina azy, hisy fanoherana, mety handalao fotoam-pisalasalana izy ireo, halaim-panahy ho ketraka noho ireo zava-tsarotra manodidina azy ireo, kanefa Andriamanitra, Izy dia ho eo afovoan'ny afo mandrakariva mba hiaro azy ireo tsy ho levona.

Ry mpitandrina malala, tsy fantatray izay ady sarotra rehetra efa nolalovanareo, izay mety ho sedrainareo. Tsy fantatray ny mety hamafin'ny lelafo mirehitra eo aminareo, saingy ny roimemy mirehitra kosa dia hafatra avy amin'ny Tompo ho anareo sy ho an'ireo rehetra manolo-tena ho amin'ny asa fanompoana Azy. Ny hafatr'Andriamanitra no manambara amin'izy ireo fa indray andro any dia mety ho tandindomin'ny lelafon'ilay fahavalo ny ankohonan'izy ireo, mba hitondra fisalasalana ho azy ireo eo amin'ny asa fanompoana ataony, kanefa amin'ireny vanim-potoana ireny, Ilay Anjelin'i Jehovah dia ho eo afovoan'ny afo.

Ny roimemy mirehitra dia hafatra avy amin'ny Tompo ho an'ireo rehetra nirotsaka ho amin'ny fanompoana Azy, mba hilaza amin'izy ireo fa indray andro any, dia mety hiantefan'ny lelafon'ny fahavalo ny ankohonan'izy ireo, noho ny fanoloran-tenany amin'ny asa fanompoana, noho ny fahatsapan'ireo vady aman-janany ho irery noho ny dia lavitra

SABATAN'NY MPITANDRINA – 10 OKTOBRA 2015

matetika ataony ka andaozany ny tokantranony ... kanefa eny anivon'ireny fotoana ireny dia eo afovoan'ny afo mandrakariva Ilay Anjelin'i Jehovah.

Ny roimemy mirehitra dia hafatra avy amin'ny Tompo ho an'ireo rehetra manolo-tena amin'ny asa fanompoany, mba hanambara amin'izy ireo fa ny fiangonana izay eo ambany fiadidiany dia mety ho sedrain'ny lelafon'ny fahavalo, saingy amin'ireny fotoana ireny, dia eo afovoan'ny afo mandrakariva Ilay Anjelin'i Jehovah.

Ny roimemy mirehitra dia isika tsirairay izay safotry ny lelafon'ny fahoriana, halahelo, zava-tsarotra, fifandirana ka toa handevona antsika mihitsy izany, kanefa tahaka ny niantsoany an'i Mosesy teo anatin'ny afo, dia miantso antsika koa ny Tompo eo anatin'ny afo misy antsika, mba hilaza amintsika fa tsy hamela antsika na oviana na oviana ho levon'izany Izy.

Ho anareo mpitandrina ary ho antsika isam-batan'olona ihany koa no andefasan'ny Tompo ny teny fikasana izay hitantsika ao amin'ny bokin'ny mpaminany Isaia :

« Raha mita ny rano hianao, dia homba anao Aho ; ary raha mita ny ony hianao, dia tsy hanafotra anao izy ; raha mandeha mamaky ny afo hianao, dia tsy ho may, ary tsy hirehitra aminao ny lelafo» Isaia 43:2

Ny roimemy mirehitra dia fotoana ihany koa izay hiantsoan'ny Tompo ny isam-batan'olona na aiza na aiza toerana misy azy, na iza izy na iza, mba hanehoany ny tenany dia ny maha Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba Azy.

Azo heverina ho mety tsy manan-danja loatra amintsika io fomba fisehoana io, saingy tamin'ny alalan'izany no nahatakarana'i Mosesy fa io Andriamanitra izay niresaka taminy teo anatin'ny roimemy mirehitra io, dia tsy nitovy velively tamin'ireo andriamanitra fantany fony tany Egypta.

Ireo andriamanitra ny egyptiana, izay nampahafantarina an'i Mosesy nandritra ny taona maro, dia andriamanitra manjakazaka izay tsy nitahy afa-tsy ny mahery ary nanadino ny malemy. Andriamanitra voafetran'ny toerana na ny asa, toy ireo hita amin'ny fivavahan'ny faritra antsinana izay ahitana ny andriamanitra ny ranomasina na ny tendrombohitra, andriamanitra ny orana na ny masoandro, andriamanitra ny fanambinana na ny fanafahana, sns.

Tsia ! Io Andriamanitra izay niteny teo anatin'ny afo io dia sady tsy andriamanitra ny zavatra, na andriamanitra ny toe-javatra, na andriamanitra ny toerana ; io no Andriamanitr'i Abrahama sy Isaka ary Jakoba. Tsy miova io Andriamanitra io omaly sy anio ary ho

SABATAN'NY MPITANDRINA – 10 OKTOBRA 2015

mandrakizay ; Andriamanitra akaiky ny olombelona tsirairay Izy ; Andriamanitra tsy miova ho an'ny olon-drehetra sy amin'ny toe-javatra rehetra eo amin'ny fiainana.

Io Andriamanitra niteny teo amin'ny roimemy io dia Andriamanitra izay mahita, mandre ary mora tohina amin'izay hiainan'ny vahoakany. Takatry ny saintsika tsara izay nambarany tamin'i Mosesy manao hoe : « Efa hitako tokoa ny fahorian'ny oloko izay any Egipta, ary efa reko ny fitarainany noho ny ataon'ny mpampiasa azy ; eny fantatro ny alahelony » Eks. 3:7,8.

Voalazantsika teo fa Ilay Andriamanitra niteny teo amin'ny roimemy dia tsy miova omaly sy anio ary ho mandrakizay ; io Andriamanitra nahita ny fahorian'ny vahoakany tany Egipta io, dia mahita ihany koa ny fahorian'ny olony ankehitriny, dia manerana ny vazantany ary any amin'ny toerana rehetra izy misy azy.

Io Andriamanitra nandre ny fitarainan'ny vahoakany tany Egipta io dia mandre ihany koa ny fitarainan'ny olony ankehitriny ... Io Andriamanitra izay nahalala ny fahorian'ireo zanany tany Egipta dia mahafantatra ihany koa ny fahoriantika...

Ary tsy hafa amin'ny fikasana nambarany tamin'i Mosesy teo amin'ny roimemy ny fikasana ankehitriny. Inona izany fikasana izany ?

Eks. 3:8 «Dia efa nidina Aho izao hamonjy azy amin'ny tanaan'ny Egiptiana ka hitondra azy hiakatra hiala amin'izany tany izany ho any amin'izay tany soa sy malalaka, dia any amin'izay tondra-dronono sy tantely. »

Anankiroa ny fikasan'Andriamanitra ; ny voalohany dia maniry ny hanafaka ny olony amin'ny tany Egipta mōderna Izy, ary ny faharoa kosa dia ny hampiakatra azy ho any amin'ny tanaanana tondra-dronono sy tantely.

Ny amin'ny dingana voalohany, dia mitady mpiara-miasa Aminy Andriamanitra, azo antoka fa ao anatin'izany ny mpitandrina, ny misionera, ny mpamaky lay, ny evanjelista izay efa tena ao anaty asa fanompoana.

Tsy ampy ny lehilahy sy ny vehivavy mirotsaka ho amin'izany asa fanompoana mahafinaritra izany dia ny asa famonjem-panahy. Ary amin'ity maraina ity, eo amin'ny roimemy mirehitra, no anaovan'ny Tompo antso amin'ny tsirairay avy amintsika araka ny anarantsika, ka manao hoe : esory amin'ny tongotrao ny kapanao, izany hoe mialà amin'ny fanaonao mahazatra, hatsaharo ny fiheveranao izay mampilamina anao sy ny fiarovana anao. Miodina amin'ny lalanana mahazatra mba hihainoanao ny feon'Andriamanitra izay afaka maneho anao ireo haren-tsarobidy tsy hay tombanana.

SABATAN'NY MPITANDRINA – 10 OKTOBRA 2015

Efa ela ihany angamba no nandrenesan'ny mpitandrina anareo izany antso izany sy ny namaliany azy ; tsy mora hatrany anefa ny andraikitra, tojo roimemy mirehitra izy ireo indraindray, saingy hita ao anatin'izany afo izany Ilay Anjelin'i Jehovah.

(Hisafidianana) Antso (mba hirotsaka eo fanompoana) arahina vavaka ka ao anatin'izany no hitondrana am-bavaka ny mpitandrina sy ny fianakaviany.

Tonga izao ny fotoana hisehoan'ny Tompo eny amin'ny rahon'ny lanitra mba hitady ny olony sy hitondra azy ireo, tsy hiditra intsony ny Kananan'ny tany, fa hiditra ilay Kananan'ny lanitra.

Eo am-piandrasana izany andro be voninahitra izany, dia mety ho tojo ireo lelafo alefan'ilay mpamitaka isika, kanefa eo afovoan'izany no misy Ilay Anjelin'i Jehovah mba hahatafojoro antsika hatrany hitsena ilay Tompo malalatsika.

Koa amin'izany, Ilay Anjelin'i Jehovah no fiarovana antsika manoloana zava-tsarotra ; Ilay Anjelin'i Jehovah ny antoka hahazoantsika fandresena ny ratsy ; Ilay Anjelin'i Jehovah no antoka hahitantsika fahombiazana eo amin'ny iraka izay napetraky ny Tompo amintsika. Ilay Anjelin'i Jehovah dia mitondra fiainana ho mandrakizay.

Amen